

And. 5. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha sy nifanohitra amin' ity didim-pitondrana ity, indrindra ny didim-pitondrana laharana faha-49 898/09 tamin' ny 26 novambra 2009 anaovana ny fanamarinana ny lakana sy botry ampiasaina amin' ny asa aman-draharaha momba ny jono.

And. 6. – Izay rehetra fandikana ny fepetra voalazan' ity didim-pitondrana ity dia ho enjehina ary faizina araka ny fepetra voalazan' ny lalana laharana faha-2015-053 tamin' ny 3 febroary 2016, anaovana ny fehezan-dalana momba ny jono sy ny Fionpiana anaty rano.

And. 7. – Ity didim-pitondrana ity dia ho avoaka amin' ny Gazetim-panjakan' ny Repoblikan' i Madagasikara ary ampahafantarina n' aiza n' aiza ilana izany.

Antananarivo, ny 7 febroary 2018.

GILBERT François.

DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-2 421/2018

anaovana ny fombafomba sy fepetra fanomezana karatra maha mpanjono amin' ny fari-dranomamy sy matsaboka amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy.

Ny Minisitry ny Haren' ny Atirano sy ny Jono.

Araka ny Lalàmpanorenana.

Araka ny lalana laharana faha-2015-053 tamin' ny 3 febroary 2016 anaovana ny fehezan-dalana momba ny jono sy ny Fionpiana anaty rano.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-250 tamin' ny 10 aprily 2016 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-265 tamin' ny 15 aprily 2016, novana sy nafenoin' ny didim-panjakana laharana faha-2016-460 tamin' ny 11 mey 2016, laharana faha-2017-148 tamin' ny 2 martsa 2017, laharana faha-2017-262 tamin' ny 20 aprily 2017, laharana faha-2017-590 tamin' ny 17 jolay 2017, laharana faha-2017-724 tamin' ny 25 aogositra 2017 ary laharana faha-2017-953 tamin' ny 12 oktobra 2017, anendrena ny manbra ao amin' ny Governemanta.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-1 492 tamin' ny 6 desambra 2017 anaovana ny fandaminana indray amin' ny ankapobe ny asa aman-draharaha momba ny jono an-dranomasina.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-1 308 tamin' ny 25 oktobra 2016, anaovana ny fandaminana ny asa aman-draharaha momba ny jono amin' ny fari-dranomamy sy matsaboka amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-298 tamin' ny 13 mey 2014, manondro ny anjara raharahan' ny Minisitry ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisitery.

Araka ny tolokevitra avy amin' ny Talen' ny Jono.

Dia mamoaka izao didim-pitondrana izao :

Andininy voalohany. – Ity didim-pitondrana ity dia natao hamaritana ny fombafomba sy fepetra fanomezana ny karatra maha mpanjono amin' ny fari-dranomamy sy matsaboka amin' ny tanim-panjakana tsy azo amidy.

And. 2. – Ny karatra maha mpanjono dia omena ny mpanjono mpikambana amin' ny vondron' ny mpanjono matihanina sy aradana tompon' ny fahazoan-dalana hanjono. Izany dia omen' ny Minisitry miandraikitra ny Jono maimaimpoana.

And. 3. – Ny karatra maha mpanjono dia tsy maintsy ahitana ny filazalazana manaraka ireto :

- Anaran' ny vondrona misy azy;
- Anarana sy fanampin' anaran' ny tompo;
- Laharan' ny CIN, vaninandro sy toerana nanomezana azy;
- Sary tapaka nalaina vao haingana;
- Adiresy;
- Isan' ny fitaovam-panjonoana isaky ny karazana;
- Fari-drano trandrahina.

And. 4. – Ny fananan-kerin' ny karatra maha mpanjono dia 4 (efatra) taona. Tsy maintsy anaovana fanamarinana isan-taona any

Art. 5. – Toutes dispositions antérieures et contraires au présent arrêté sont et demeurent abrogées, notamment l'arrêté n° 49 898/09 du 26 novembre 2009 portant marquage des pirogues et embarcations utilisés pour une activité de pêche.

Art. 6. – Toute inobservation des dispositions du présent arrêté sera poursuivie et réprimée conformément aux dispositions de la loi n° 2015-053 du 3 février 2016, portant Code de la Pêche et de l'Aquaculture.

Art. 7. – Le présent arrêté sera publié au Journal officiel de la République de Madagascar et communiqué partout où sera besoin.

Antananarivo, le 7 février 2018.

GILBERT François.

ARRETE N° 2 421/2018

portant modalités et conditions de délivrance des cartes pêcheurs dans les plans d'eaux continentaux et saumâtres du domaine public de l'Etat.

Le Ministre des Ressources Halieutiques et de la Pêche.

Vu la Constitution.

Vu la loi n° 2015-053 du 3 février 2016 portant code de la pêche et de l'aquaculture.

Vu le décret n° 2016-250 du 10 avril 2016 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement.

Vu le décret n° 2016-265 du 15 avril 2016, modifié et complété par les décrets n° 2016-460 du 11 mai 2016, n° 2017-148 du 2 mars 2017, n° 2017-262 du 20 avril 2017, n° 2017-590 du 17 juillet 2017, n° 2017-724 du 25 août 2017 et n° 2017-953 du 12 octobre 2017, portant nomination des membres du Gouvernement.

Vu le décret n° 2016-1 492 du 6 décembre 2016 portant réorganisation générale des activités de pêche maritime.

Vu le décret n° 2016-1 308 du 25 octobre 2016, portant organisation des activités de pêche dans les plans d'eau continentaux et saumâtres du domaine public de l'Etat.

Vu le décret n° 2014-298 du 13 mai 2014, fixant les attributions du Ministre ainsi que l'organisation générale de son Ministère.

Sur proposition du Directeur de la Pêche.

Arrête :

Article premier. – Le présent arrêté a pour objet de fixer les modalités et conditions de délivrance des cartes pêcheurs dans les plans d'eau douce et saumâtre du domaine public de l'Etat.

Art. 2. – La carte pêcheur est délivrée à un pêcheur membre d'un groupement professionnel et formel de pêcheurs titulaire d'une autorisation de pêche. Elle est délivrée par le Ministère en charge de la Pêche à titre gratuit.

Art. 3. – Une carte de pêcheur doit contenir au minimum les informations suivantes :

- Nom du groupement d'appartenance;
- Nom et prénom(s) du propriétaire;
- Numéro CIN, date et lieu de délivrance;
- Photo d'identité récente;
- Adresse;
- Nombre d'engins de pêche par type;
- Plan d'eau exploitée.

Art. 4. – La validité de la carte pêcheur est de 4 (quatre) ans. Elle doit faire l'objet de visa annuel auprès des Directions Régionales en

amin' ny Foibem-pitondram-paritra miandraikitra ny Jono eo anelanelan' ny 1 janoary hatramin' ny 30 marsa amin' ny taona diavina.

And. 5. – Raha misy ny fahaverezana na fahasimbana, ny mpitana dia tsy maintsy manao fanambarana any amin' ny manam-pahefana mahefa izay nohamarinin' ny mpikambana ao amin' ny biraon' ny vondrona ary tsy maintsy mampahafantatra ny Sampandraharaha itsinjaram-pahefana miandraikitra ny Jono. Ny fanoloana ny karatra dia maimaimpoana amin' ny alalan' ny fanambaram-pahaverezana.

And. 6. – Ny Foibem-pitondram-paritra miandraikitra ny Jono dia tsy maintsy manao tsy ho maty paik' andro ny rejisitry ny karatra maha mpanjono izay ahitana ny filazalazana manaraka ireto farafahakeliny :

- Laharan' ny karatra;
- Anaran' ny vondrona misy azy;
- Anarana sy adiresin' ny mpitana;
- Ny fitaovana vaventy sy fiasana amin' ny fanjonoana noraketina am-boky amin' ny karatra;
- Ny fari-drano trandrahina.

And. 7. – Izay rehetra fandikana ny fepetra voalazan' ity didim-pitondrana ity dia ho enjehina ary faizina araka ny fepetra voalazan' ny lalana laharana faha-2015-053 tamin' ny 3 febroary 2016, anaovana ny Fehezan-dalana momba ny Jono sy ny Fionipiana anaty rano.

And. 8. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha sy mifanohitra amin' ity didim-pitondrana ity.

And. 9. – Ny Minisitery ny Haren' ny Atirano sy ny Jono, ny Sekretariam-panjakana miandraikitra ny Zandarimaria, ny Minisitery miandraikitra ny Filaminana Anatin' ny Minisitery miandraikitra ny Fitarana no miandraikitra, araka ny tandrify azy avy) ny fampiharana ity didim-pitondrana ity izay ho ampahafantarina n' aiza n' aiza ilana izany.

Antananarivo, ny 7 febroary 2018.
GILBERT François.

charge de la Pêche entre le 1^{er} janvier et du 30 mars de l'année en cours.

Art. 5. – En cas de perte ou de détérioration, le détenteur doit faire une déclaration auprès des autorités compétentes visée par les membres du bureau du groupement et doit tenir informer les Services décentralisés en charge de la Pêche. Le remplacement de la carte est gratuit moyennant d'une déclaration de perte.

Art. 6. – La Direction Régionale en charge de la Pêche doit tenir à jour un registre des cartes pêcheurs contenant les informations suivantes au minimum :

- Numéro de la carte;
- Nom du groupement d'appartenance;
- Nom et adresse du détenteur;
- Les engins et matériels de pêche enregistrés sur la carte;
- Les plans d'eaux exploitées.

Art. 7. – Toute inobservation des dispositions du présent arrêté sera poursuivie et réprimée conformément aux dispositions de la loi n° 2015-053 du 3 février 2016, portant Code de la Pêche et de l'Aquaculture.

Art. 8. – Toutes dispositions antérieures et contraires au présent arrêté sont et demeurent abrogées.

Art. 9. – Le Ministère des Ressources Halieutiques et de la Pêche, le Secrétariat d'Etat en charge de la Gendarmerie, le Ministère en charge de la Sécurité Intérieure, le Ministère en charge de la Justice sont chargés chacun en ce qui les concerne, de l'application du présent arrêté qui sera diffusé partout où besoin sera.

Antananarivo, le 7 février 2018.
GILBERT François.